# Tarihin'i Braden ny lalana

**Nataon'i Haley Yancey**
(Niainga tamina tantara marina)

*"Aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino hianao" (1 Timoty 4:12).*

Nitondra siny mavesatra feno sakafo ho an'ny mamba nankeny amin'ny toerana famahanana azy ireo i Braden sy i Dada. Nipoitra teo ivelan'ny rano ny tendron'ny lohan'ireo mamba dia nisosa nankeny amin'izy ireo. Rehefa tonga teo amin'ilay toeram-pamahanana i Braden sy i Dada dia nampitanatana ny vavany ny sasany tamin'ireo mamba.

Saingy tsy natahotra i Braden. Ny fiarahana miasa tamin'i Dada tao amin'ilay toerana fiompiana mamba no zavatra *tsara indrindra.*

"Sakafo ô!" Hoy i Braden. Nandroaka sakafon'ny mamba tamin'ny tanany izy dia nanipy izany tao anaty rano.

*Kraopa. Kraopa. Katsaoka.*

*Nahafinaritra ny nipetraka tao amin'ilay toerana fiompiana mamba. Saingy nisy zavatra iray tsy ampy.*

Nitsambikina nisambotra ireo sakafo ny mamba sasany. Ny sasany nikepokepoka izany rehefa nitontona teo amin'ny rano ireo sakafo. Nanohy nanipy ilay sakafo i Braden sy i Dada mandra-pahafoana ny siny nentin'izy ireo.

"Misaotra nanampy ahy," hoy i Dada.

"Andao handeha. Ho avy tsy ho ela ny misiônera."

Nanomboka niresaka tamin'ny misiônera volana vitsy lasa izay i Braden sy ny fianakaviany. Tiany ireo misiônera! Ary tia nianatra momba ny Fiangonana izy. Mpikamban'ny Fiangonana i Dada, saingy tsy dia nandeha nivavaka loatra izy. Tsy mbola natao batisa mihitsy i Neny sy i Braden.

"Nametraka tanjona ianareo tamin'ny herinandro lasa teo mba hamaky ny Môzià 18," Hoy Rahavavy Cox tamin'io hariva io. "Nanahoana ilay izy?"

Nifampijery i Neny sy i Dada dia nangina kely vetivety. "Be zavatra natao izahay tamin'ity herinandro ity," hoy i Neny.

"Izaho namaky!" Hoy i Braden.

"Tsara be izany!" Hoy Rahavavy Blood sady nanome peo ny dimy. "Inona no zavatra tsapanao rehefa avy namaky ilay izy?"

Nitsiky be i Braden. "Tsara be ny zavatra tsapako. Ary nivavaka aho mba hatao batisa. Tena te hatao batisa aho."



"Mahafinaritra izany! Fantatro fa tena mahafaly ny Ray any An-danitra izany," hoy Rahavavy Cox. Nitodika tany amin'ny renin'i Braden izy. Inona no tsapanao momba izany?"

"Tsy dia haiko loatra. "Mbola mila fotoana kelikely angamba aho," hoy i Neny.

Somary nalahelo kely i Braden nandritra ny ambin'ny lesona. Niriany raha mba samy mpikamban'ny Fiangonana ireo ray aman-dreniny. Ary naniry ny ho lasa mpikamban'ny Fiangonana koa izy!


Rehefa lasa ireo misiônera dia nilaza tamin'ny ray aman-dreniny izy fa tena avy amin'ny fony ny zavatra nolazainy teo. "Tena te hatao batisa aho. Ary . . ." nisento mafy i Braden. "I Dada mihitsy no tiako hanao batisa ahy."

Niteny i Dada nony afaka kelikely. "Tena maniry izany koa aho."

Tsy niteny i Neny. "Andao hivavaka momba izany."

Nandohalika niaraka tamin'ny fianakaviany i Braden dia nanontany ny Ray any An-danitra raha tokony hatao batisa izy sy i Neny. Nahatsapa hafanana sy nahatsapa ho tiana izy.

Nandritra ireo herinandro vitsy manaraka dia namaky ny soratra masina sy nivavaka isan'andro i Braden. Tamin'ny voalohany dia izy foana no nangataka tamin'ireo ray aman-dreniny raha mba afaka hiara-hivavaka sy hamaky soratra masina aminy izy ireo. Kanefa tsy ela akory dia izy ireo indray no nanomboka nangataka azy. Rehefa namahana ireo mamba izy sy i Dada dia niresaka momba ny soratra masina na ny zavatra



nianarany tany am-piangonana. Ary izy sy i Neny dia niresaka momba ireo lesona nampianarin'ny misiônera. Toa nihafaly isan-andro i Dada sy i Neny.

Indray andro nandritra ny lesona iray niarahana tamin'ireo misiônera dia nilaza ireo teny efa nandrasan'i Braden hatry ny ela i Neny hoe: "Te hatao batisa aho."

Nandritra ireo herinandro vitsy manaraka dia nahatsapa ho toy ny nitsingevana teny amin'ny rahona i Braden.

Tonga ihany nony farany ilay andro hanaovana batisa an'i Neny sy i Braden. Rehefa nivoaka avy tao anaty rano i Braden dia tsapany ny fitiavan'ny Ray any An-danitra azy sy ny fianakaviany. Nofihininy mafy i Dada.

Namihina an'i Braden i Dada dia nibitsibitsika hoe: "Misaotra anao nampiseho ohatra tsara sy nanampy anay. Tiako ianao." ●

*Tao Luisiane Etazonia no nitrangan'ity tantara ity. Mipetraka any Californie, Etazonia ny mpanoratra.*

**Jereo ny *Avia, hanaraka Ahy* ho an'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 30–36.**

